GSDM
Professionnels de l'Agro-écologie

# TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

# TANIKETSA AMBONY LATABATRA (Pépinière sur table)

## FAMARITANA

Ny taniketsa ambony latabatra dia fomba iray ahazoana zana-boly mafy sy matanjaka tsara. Natao indrindra hamokarana zanak'anana, zana-kazo fihinam-boa

## TOMBONTSOA

- ➤ Mora atao satria hita eny an-toerana avokoa ny akora rehetra ilaina ;
- ➤ Mampihena ny vesatra amin'ny fividianana ody biby ;
- ➤ Miaro ny zanaboly amin'ny biby sy ny aretina isankarazany ;
- ➤ Mamokatra zanaboly matanjaka sy salama amin'ny fotoana rehetra ;
- ➤ Afaka hitantanana ny fotoam-pambolena.

## FISAFIDIANANA NY TOERANA

| Toerana | Tanjona |
|---|---|
| Akaiky loharano | Manamora ny fanondrahana |
| Voaaro amin'ny rivo-mahery sy ny biby fiompy | Miaro ny zanaboly sy ny fitoerany |
| Lavitry ny toerana misy voly mitovy fianakaviana aminy | Hiarovana amin'ny fiparitahan' ny aretina sy ny fanafihan'ny bibibeky mpanimba voly |
| Misy hazavana nefa tsy taratry ny masoandro be loatra | Mitsitsy rano sy miantoka ny fitomboany haingana |

## NY LATABATRA

ZAVATRA ILAINA

- Hazo fisaka ;
- Bois rond mirefy 1m miisa 4 ;
- Fantsika.

FOMBA FANAMBOARANA

Manamboatra latabatra mahazaka tany manana ahavo 5 - 10 sm ary apetaka ho tongony ireo bois rond miisa 4



## IREO AKORA FOTOTRA ILAINA

| Fangaro | Fatrany | Antony |
|---|---|---|
| Fasika amoron-drano | 1/3 | Mampitombo ny fitsihan' ny rano |
| Kaomposta | 1/3 | Mitazona ny hamandoana sy manome sakafo |
| Tany | 1/3 | Manome tanimanga sy mitazona ny faka |

FIKARAKARANA NY FANGARO

1. Sidihina ny fangaro (atao tsirairay) ;
2. Afangaro tsara rehefa avy nosidihina ;
3. Asiana bozaka ny latabatra alohan'ny ametrahana ny fangaro ;
4. Atao 5 -10 sm ny ahavon'ny fangaro ;
5. Manomana rano iray vilany, asiana sur'eau ;
6. Mampangotraka rano ;
7. Tondrahana rano mangotraka, atao mahazo tsara daholo ny toerana rehetra (10litatra / m²) ;
8. Avela hangatsiaka.



## FANDATSAHANA NY MASOMBOLY

1. Manao soritra mahitsy mitsangana na mitsivalana. Kendrena ho ampahatelon'ny haben'ny voa ambolena ny halalin'ny tsipika. Arakaraky ny karazana masomboly volena ny elanelany :
Ohatra :
Voatabia : 3sm x 5sm,
laisoa : 5sm x 10sm, kafe : 3sm x 5sm,
voasary : 5sm x 10sm

2. Atao ny fandatsahana ny voa, totofana vovotany manify ;

3. Saromana aro biby (voaly) raha azo atao mba iarovana amin'ny biby sy ny rivotra be.

